REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

TATITRY NY FILANKEVITRY NY MINISITRA

Alarobia 27 Aprily , Lapam-panjakana Iavoloha

Notanterahina androany teny amin'ny Lapam-panjakana Iavoloha ny Filankevitry ny Minisitra izay notarihin'ny Filoham-pirenena Andry Rajoelina ary nahitana ny Praiminisitra sy ireo Minisitra isan-tokony

I- FAMPITANA AM-BAVA

MINISITERAN'NY ATI-TANY SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA

Nankatoavina ny fametrahana fandaminana vaovao eo anivon'ny BNGRC, ahafahana mametraka fandrindrana tsaratsara kokoa sy mametraka ny Paikadim-pirenena momba ny fitantanana ny loza voajanahary na « Stratégie Nationale de Gestion des Risques et des Catastrophes », ny fanetsehana ireo famatsiam-bolam-pirenena iraisam-pirenena mba hanatanterahana ireo asa fitantanana ny loza voajanahary sy ny fametrahana ny tahirim-bola antsoina hoe « Fonds National de Contingence » (FNC), izay vola azo hahetsika rehefa misy ny loza voajanahary.

Mba ahafahana mametraka an'io tahirim-bola FNC io nefa, dia fepetra takian'ny Banky Iraisam-pirenena ny fametrahana Sampan'asa izay hiandraikitra ny fanaraha-maso ny tahirim-bola na « audit fonds » eo anivon'ny BNGRC. Sampan'asa izay tsy mbola hita ao anaty ny rafitr'itsy farany.

Nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra, araka izany, ny fametrahana fandaminana vaovao eo anivon'ny BNGRC.

MINISTERAN'NY FAHASALAMAM-BAHOAKA

Nankatoavina ary omena alalana ny fandraisana ho mpiasam-panjakana an'ireo mpiasa an-tsitrapo eo anivon'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka.

Nandritra ny taona maro betsaka ireo mpiasa an-tsitrapo (bénévole) miasa eny anivon'ny toeram-pitsaboana manerana ny nosy. Nandritra ny valanaretina ireny ihany koa dia tsy naharaka ny fifandimbiasan-draharaha teny anivon'ireo tobim-pitsaboana maro ireo mpiasan'ny fahasalamana noho ny tsy fahampian'isan'izy ireo ka tsy maintsy nirosoana ny fanatevenana azy ireo. Tsy maintsy nosoloina ihany koa ireo mpiasa narary sy/na nindaosin'ny fahafatesana. Nisy noho izany ireo mpilatsaka an-tsitrapo (volontaire) nomena tambin-karama nanatevina ny mpiasan'ny fahasalamana.

Nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra, noho izany ny handraisana an'ireo mpiasa an-tsitrapo (bénévole), sy ireo izay mpilatsaka an-tsitrapo (volontaire) ho mpiasam-panjakana ka toy izao ny fitsijarana azy :

- 700 mpitsabo mpanampy
- 80 mpiasa birao
- 350 « agents médicaux »
- 15 mpamily
- 450 mpiasa mpanampy (personnel d'appui)

Misy ny lamina sy fepetra manokana apetraka mba hialana amin'ny kolikoly ka anisany sivana hifantenana ireo ho raisina ho mpiasam-panjakana ny :

- Fe-potoana niasana ka ireo efa niasa aman-taonany maro no omena tombony.
- Jerena ihany koa anefa ny traikefa, ny fahamendrehana.

Nankatoavina ny fitsinjarana ireo tahirim-bola vonjimaika (fonds d'urgence) omena ireo Hopitaly sy Tobim-pahasalamana fototra (CSB) ao anaty ny « Nouveaux Projets d'Emergence » (NPE), taona 2022, an'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka.

Toy izao manaraka izao, izany fitsinjarana izany : fanafody hitsaboana vonjimaika ho an'ireo Hopitaly (CHRR sy CHRD) sy CSB, fitaovana ilaina amin'ny fanadiovan-drà (consommables d'hémodialyses), fanafody ary fitaovana medikaly ho an'ireo hetsika ara-tsosialy (fitsaboana manakaiky vahoaka).

Nankatoavina ny fampitàna am-bava mikasika ny lisitr'ireo Tobim-pahasalamana fototra (CSB) sy Hopitaly Manarapenitra (HMP) izay haorina ho an'ny taona 2022 sy ny toerana hanorenana azy ireo. Ho an'ity taona ity dia Hopitaly Manarapenitra miisa 15 sy CSB miisa 69 no kasaina hatsangana.

MINISITERAN'NY FITATERANA SY NY FAMANTARANA NY TOETR'ANDRO

Nankatoavina ny hanaovan'ny minisitera fanambaràna momba ny fisokafan'ny sisin-dranomasin'i Madagasikara ho an'ireo sambo fitsangatsanganana, sambo mihaja (Yacht), sy ny fanovàna ekipa iraisam-pirenena (relève d'équipage international malagasy) eo amin'ny seranan-tsambo.

Nanomboka ny 20 martsa 2020 no naato ny fampidirana mpizahantany teto Madagasikara tamin'ny alalan'ny fidirana an-dranomasina.

Taorian'ireo fifanakalozana samihafa niarahan'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka sy ny Minisiteran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetr'andro tamin'ny sehatry ny Fizahantany izay nahitana ny Association Professionnelle des Armateurs et Consignataires de Madagascar (APACM), ny Agence Portuaire Maritime et Fluviale (APMF), dia hita sy tsapa fa betsaka ireo fangatahana ny amin'ny hanokafana ny sisin-dranomasina. Ankilan'izay kosa dia tsy maintsy hajaina ireo fepetra napetraka ho fisorohana ny Covid 19 sy ny fanaraha-maso ny fiarovana ara-toekarena eny anivon'ireo seranan-tsambo.

MINISITERAN'NY JONO SY NY TOEKARENA MANGA

Nankatoavina ny fitokanana ireo fotodrafitrasan'ny « Union des Coopératives Tilapia de l'Est » any Toamasina, Faritra Atsinanana.

Ny Vondron'ny Kaoperativa Tilapia an'Atsinanana izay hivondronan'ny kaoperativa miisa 8 izay ahitana mpiompy trondro miisa 400 dia tohanan'ny ONG Naorvezianina antsoina hoe « NORGES VEL », ary misehatra amin'ny fikirakirana sy fikarakarana ny Tilapia, manomboka amin'ny famokarana ireo trondro madinika mandrapahatonga any amin'ny fivarotana Tilapia azo hanina eny amin'ny tsena.

Ireo fotodrafitrasa hotokanana dia :

- toerana iray natao handraisana, hanadiovana sy hanavainganana ireo Tilapia ka 5 taonina isan'andro no fahafaha-mitahiry ananan'izany toerana izany ;
- biraom-pitantanana sy teknika an'ny Vondron'ny Kaoperativa.

Nankatoavina ny fampiasana ny famatsiam-bola ho an'ny PIP 2022 ho fampandrosoana ny Toekarena manga eto Madagasikara.

Noho izany dia hisy ny fananganana faritra hampiroboroboana ny fiompiana trondro na « Zones d'émergences Piscicole » miisa 10 ho fampandrosoana ny fambolena kaontinantaly, sy toeram-pivarotana miisa 6, toeram-panodinana miisa 6 ary toeram-papangatsiahana miisa 6 ho fampandrosoana ny rojo sanda na « chaîne de valeurs ».

MINISITERAN'NY HARENA AN-KIBON'NY TANY SY NY LOHARANON-KARENA STRATEJIKA

Nankatoavina ny fanitsiana ny saram-pitantanana ny harena an-kibon'ny tany ho an'ny taona 2022 sy ny fanitarana ny fe-potoana fandoavam-bola.

Nankatoavina ny fanatanterahana ny « Réserve Nationale d'Or ».

Izany dia taorian'ny fifanaraham-piarahamiasa (protocole d'accord) nifanaovan'ny MMRS sy ny Banky Foiben'i Madagasikara, ny 23 janoary 2020, sy ny fandraisana ny paikady fampidirana ny volamena ao amin'ny tahirim-bola vahinin'ny Banky Foiben'i Madagasikara (réserve de changes), ny 16 desambra 2021, izay havadika ho « or monétaire » atsy ho atsy, manaraka ny fenitra sy ny fepetra takian'ny London Bullion Market Association (LBMA).

SEKRETARIAM-PANJAKANA MISAHANA NY TANANA VAOVAO SY NY TOERAM-PONENANA

Nankatoavina ny fandraisana an-tanana ny DTI mifandraika amin'ireo fitaovana hapetraka ho fiarovana sy fampanarahana fenitra ny Kianja Barea Mahamasina.

Izany dia fitaovana ilaina amin'ny fametrahana ny « piste en tartan » manodidina ny kianja sy fampitaovana ilaina amin'ny famaranana sy fampitaovana fanolo mba hanafainganana ny asa.

II- FANDANIANA DIDIM-PANJAKANA

MINISITERAN'NY FAMPIROBOROBOANA NY INDOSTRIA, NY VAROTRA SY NY FANJIFANA

Noraisina ny didim-panjakana mitondra fanavaozan-drafitra eo anivon'ny OMAPI na "Office Malgache de la Propriété Industrielle."

MINISITERAN'NY ASA VAVENTY

Noraisina ny didim-panjakana izay milaza fa fananana iombonana ny fanamboarana ny ampahany amin'ny lalam-pirenena faha-6 mampitohy ny seranantsambon'Antsiranana sy Ambanja ka raha misy tany na trano tafiditra ao anatin'izany dia azon'ny fitondram-panjakana ny maka na mandrava azy ireny noho ny tombontsoa iombonana sy ho an'ny daholobe.

MINISITERAN'NY FAMPIROBOROANA SY FANOVÀNA NY HAITAO ARA-KAJY MIRINDRA, NY PAOSITRA ARY NY FIFANDRAISAN-DAVITRA

Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana 2019-1205 tamin'ny 06 jona 2019 nanendry ireo mpikambana tao amin'ny filan-kevi-pitantanan'ny ARTEC.

MINISITERAN'NY HARENA ANKIBON'NY TANY SY NY LOHARANON-KARENA STRATEJIKA

Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana 2019-174 tamin'ny 20 febroary 2019 ary manendry ny "Champion de l'Initiative pour la Transparence des Industries Extractives" (ITIE/EITI) eto Madagasikara.

III- FANENDRENA MPIASAM-PANJAKANA AMBONY

MINISITERAN'NY ATI-TANY SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2019-146 tamin'ny 20 febroary 2019 ary manendry an'Atoa. **RAKOTOHAVANA Malalaharijaona Fanoela,** ho lehiben'ny Distrikan'Antsalova

MINISITERAN'NY FILAMINAM-BAHOAKA

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'i **Contrôleur Général de Police RAKOTOARIMANANA Herilala,** ho Directeur de la Recherche et de la Formation Continue eo anivon'ny Minisiteran'ny Filaminam-bahoaka
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-762 tamin'ny 16 jolay 2020 ary manendry an'i **Commissaire Divisionnaire de Police MARINJAHA Vavitafika Vololonandro,** ho Directeur de la Lutte contre la Corruption et de la Discipline eo anivon'ny Minisiteran'ny Filaminam-bahoaka
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-767 tamin'ny 16 jolay 2020 ary manendry an'i **Commissaire Principal de Police RAZAFINDRAZAKA Hector**, ho Directeur de la Police Judiciaire eo anivon'ny Minisiteran'ny Filaminam-bahoaka
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-765 tamin'ny 16 jolay 2020 ary manendy an'i **Commissaire Principal de Police RAZAKA ANDRIAMAHASOA**, ho Directeur de l'Ecole Nationale Supérieure de Police eo anivon'ny Minisiteran'ny Filaminam-bahoaka.
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-764 tamin'ny 16 jolay 2020 ary manendry an'i **Commissaire de Police de Première Classe BEN HOUSSEN Evariste**, ho Directeur de la Programmation, du Suivi et de l'Evaluation eo anivon'ny Minisiteran'ny Filaminam-bahoaka.
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-1236 tamin'ny 30 septambra 202 ary manendry an'I **Commissaire de Police de Première Classe TAFENO ROLY EZAH Vivonys**, ho Talem-paritry ny Filaminam-bahoaka any Ihorombe.

MINISITERAN'NY FITATERANA SY NY FAMANTARANA NY TOETRANDRO

Noraisina ny didim-panjakana laharana faha manendry an'Atoa. **RAMAROSON Andriamialison Herinirina**, ho Directeur Général de l'Agence des Transports Terrestres (ATT)

MINISITERAN'NY ASA VAVENTY

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'Atoa **RAKOTONIAINA Frédéric Jean Emile**, ho Talem-paritry ny Asa Vaventy ao Sofia
- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'Atoa. **RASOLOFOMANANA Espérance Fils**, ho Talem-paritry ny Asa Vaventy ao Alaotra Mangoro

MINISITERAN'NY RANO NY FANADIOVANA SY NY FIDIOVANA

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an-d**Ramatoa ANDRIAMANGA Tsirimiarantsoa Rakotonaivo**, ho Directeur des Infrastructures en Eau eo anivon'ny Minisiteran'ny rano ny fanadiovana sy ny fidiovana
- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'Atoa.**MIALINORO Barintsoa**, ho Directeur de la Valorisation des Ressources en Eau eo anivon'ny Ministeran'ny Rano, ny fanadiovana sy ny fidiovana.

MINISITERAN'NY FAMPIANARANA TEKNIKA SY NY FAMPIOFANANA ARAK'ASA

Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-1442 tamin'ny 04 novambra ary manendry an'Atoa**. RANDRIANTSARAFARA Eliot Stany**, ho Directeur de l'Institut National de Promotion de la Formation eo anivon'ny minisiteran'ny fampianarana teknika sy ny fampiofanana arak'asa

IV- FANAFOANANA

MINISITERAN'NY ATI-TANY SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA

Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha-2018-862 tamin'ny 26 jolay 2018 izay nanendry ny Tale Jeneralin'ny Fitsinjaram-pahefana

MINISITERAN'NY TONTOLO IAINANA SY NY FAMPANDROSOANA LOVAIN-JAFY

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-1139 tamin'ny 09 septambra 2020 « Coordonnateur Général de l'Organe de Coordination des actions stratégiques pour la Diplomatie Verte et des Organismes Rattachés » eo anivon'ny Minisiteran'ny Tontolo iainana sy fampandrosoana lovain-jafy
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana 2020-561 tamin'ny 27 may 2020 nanendry ny « Directeur de la Communication et du Système d'Information » eo anivon'ny Minisiteran'ny tontolo iainana sy ny fampandrosoana lovain-jafy

- Noraisina ny didim-panjakana laharana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-669 tamin'ny 24 jona 2020 nanendry ny « Directeur de l'Unité de Lutte contre la Corruption eo anivon'ny Minisiteran'ny tontolo iainana sy ny fampandrosoana lovain-jafy
- Noraisina ny didim-panjakana laharana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-562 tamin'ny 27 may 2020 nanendry ny Directeur des Affaires Juridiques et Contentieux eo anivon'ny Minisiteran'ny tontolo iainana sy ny fampandrosoana lovain-jafy

Natao androany faha 27 aprily 2022,
Ny Fitaleavan'ny Serasera sy ny Fifandraisana amin'ny Daholobe
eto amin'ny Fiadidiana ny Repoblika